


# ALAHADY NY VATANA AMAN-DRA MASIN'I KRISTY TAONA B 2024



« *Raiso, fa Vatako ity... Ary nolazainy taminy hoe: Rako ity, dia ny Ran'ny faneke na vaovao izay alatsaka ho an'ny maro* » (Mk. 14: 22, 24)

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo isika niara-nankalaza ny Trinite Masina izay maniraka antsika hibanjina ny fiombonan'ny Ray Zanaka sy Fanahy Masina. Izany fibanjinana izany dia antso ho antsika tokoa mba ho fianakaviana iray ao amin'ny Trinite Masina isika. Io no asongadin'I Papa ao amin'ny Ansiklika FRATELLI TUTTI, izay manasa antsika hiroso amin'ny fanorenana ny maha OLO ARAIKY ISIKA JIABY fianakaviam-ben-janahary, fianakaviam-ben'Andriamanitra. Io rahateo ny vokasiantsika hatramin'ny voalohany. Raha nahary antsika tokoa Andriamanitra dia nahary antsika hitovy endrika Aminy

ka nantsoiny hifandray Aminy, hifandray amintsika samy isika satria mitovy endrika Aminy isika tsirairay antsoiny koa hifandray amin'ny zava-boary. Izany no hasambarana iantsoan'Andriamanitra antsika.

Vakiteny I : Eks. 24, 3-8

Tononkira : Salamo 115

Vakiteny II : Heb. 9, 11-15

Evanjely : Mk. 14, 12-16. 22-26

Indrisy lavo tamin'ny fahotana tamin'ny fototra isika ka rava io fifandraisana io. I Jesoa no tonga handravona azy indray. Izy no fihavanantsika. Tsy ho tanteraka izany raha tsy miara-maty amin'ny fahotana isika ka miara-mitsangana Aminy ho olom-baovao, mamaly ny antsony isika, manaraka Azy. Izany hoe mila miala amin'ny toetra fahiny ka mivelona ny fahafoizana isika, miaina ny fanompoana ao anatin'ny fahamarinana, tsy misy fihatsaram-belatsihy. Izany no nahatonga antsika milaza fa ilaina ho voadio araka ny Evanjely ny fihavanana, izany hoe zary "fihavanana évangélisé", hoy isika. Io ilay lazantsika hoe "FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY". IO NY FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO MARARY SATRIA ZARY MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY.

Mitaky "fiovam-penitra mahery amin'ny fihetsitsika, amin'ny fitondran-tenantsika". Izany no asan'ny Fanahy Masina mitondra amin'ny "depart vaovao", amin'ny Pantekôty vaovao ka zary EOV MISIONERA ISIKA TABERNAKLA VELONA. Marina fa amin'ny Eglizy eran-tany, dia tamin'ny Alakamisy teo no nankalazana ny Vatana aman-dRà Masin'i Kristy, fête Dieu na Corpus Domini no mahazatra antsika. Ankalazaintsika androany amin'izao Alahady izao ny fankalazana izany fety lehibe izany Raha ny marina dia izao tokoa ny fanaovantsika "procession" diam-bavaka be hanambarantsika fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra fa tsy Andriamanitra lavitra no Andriamanitsika. Amin'ny fankalazana ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY (KEN 2024) no hanatanterahantsika an'izany eto amin'ny diosezy amin'ity taona ity araka ny averimberintsika matetika. Matoa isika manatanteraka ny "procession" tsy hoe fireharehana na fisehoana fa mahery na poerapoera sanatria fa fanehoam-pinoana sy ilazana fa tsy Andriamanitra lavitra fa eo anivontsika ny Andriamanitsika. Izany no antony nanatanterahan'i Jesoa ny Eokaristia Masina tamin'ny Alakamisy masina mba ho eo anivontsika mandrakariva Izy ary nilaza Izy "*Ataovy izao ho fahatsiarovana aho*". Tsy fisehoana na sanatria manao "caranaval" isika ary ny "carnaval" rahateo fitsaraham-belatsihy. Hitantsika fa misaron-tava ny mpanao Carnaval fa ny ataontsika diabe mazava ao anatin'ny vavaka mampiombona anehoana fa eo anivontsika i Kristy, Andriamanitra mikolokolo antsika nahafoy ny ainy ho antsika i Kristy satria ny vatana aman-drà masin'i Kristy mihitsy no ankalazaintsika, izany sorona izany no ankalazaintsika isaky ny manao ny Eokaristia isika. Ny Teniny sy ny Tenany no nomeny antsika ho sakafio mamelona antsika. Fanehoana an'izany ny prôsesio ataontsika. Raha dinihina izany rehetra izany dia izao vanim-potoana sarotra izao indrindra no rariny sy hitsiny ary mahavonjy raha mamakivaky ny tanana I JESOA MPAMPIHAVANA KA NY FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO.

Maninona no asiana fety hankalazana ny Vatana aman-drà'n'i Kristy manokana aorian'ny Trinite Masina?

Fa satria tian'ny Eglizy ho tsapantsika sy hivelomantsika ny hoe tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanitsika fa mikolokolo sy mamelona antsika amin'ny alalan'ny vatany sy ny rany, izany hoe fitiavan-dehibe no asehon'Andriamanitra antsika. Izany no tantsika EOV hambara amin'ny alalan'ny diam-bavaka na "procession" ataontsika.

Tsara fantarintsika koa fa ny Eokaristia dia mampiray antsika ao amin'i Trinite Masina ary ao amintsika samy olombelona ary mampiray antsika amin'ny zava-boahary manontolo. Isanandro isika mankalaza ny Eokaristia fa androany asain'ny Eglizy asongandina manokana amin'izao Alahady fankalazana ny Sakramenta masina izao izany Eokaristia mampiombona antsika izany. Tanteraka eto ilay "nofinofy" zary hiaka hoy isika ao amin'ny Ansiklikan'I Papa François. Azo lazaina fa ny fanaovantsika "procession" anambarantsika ny fiombonana amin'I Kristy ary mampiombona antsika samy isika. Izany no tanteraka isaky ny mankalaza ny Eokaristia, na manao komonio am-panahy isika. Ny teny frantsay "communion" dia midika fiombonana. Ambarantsika amin'ny fomba manokana izany rehetra izany amin'ny alalan'ny fihobiana na anamnèse rehefa manandratra ny Hôstia ny Pretra.

**MAMELONA ANTSIKA NA ARA-BATANA NA ARA-PANAHY NA ARA-TSAINA NY EOKARISTIA ARY IZANY NO TIAN'NY EGLIZY HAMPITAINA ANIO SY AMIN'NY KEN 2024**

Ny vakiteny androany dia mampisongadina ny hevitra tsirairay izay nolazantsika teo, ny bokin'ny Eksaody manambara fa ilay zanak'ondry novonoina ka napetaka amin'ny tolam-baravarana no manambara fanekem-pihavanana sy ny fankatoavana an'izay fanekem-pihavanana izay. Izany koa no dikan'ny Eokaristia, i Jesoa nandatsaka ny ràny ka nanao fanekem-pihavanana mampiombona antsika amin'Andriamanitra Ray Zanaka Fanahy Masina, mampiombona antsika samy olombelona, manova ny fifandraisantsika amin'ny zava-boahary. Efa nantitranterintsika izany tamin'ny Paka nefá ambarantsika manokana amin'izao fankalazana ny Sakaramenta Masina izao. Ny hasarobidin'ny fankalazantsika manokana manampy antsika hahatsapa ny maha Olo Araiky antsika, maha mpianakavy antsika. Tsy tanteraka izany fiombonana izany, izany fifampitsimbinana sy fifanasoavana ambaran'ny Eokarisitia izany, raha tsy misy fahafoizana sy fanompoana ao anatin'ny fahamarinana. Izany no mahatonga ny Eokarisitia tsy misaraka amin'ny Fanasana tongotra. Io no lalana ahafahantsika manorina Fratelli tutti voalazan'I Papa. Manana modely mpitari-dalana sy mpivavaka isika dia ireo Olomasina sy Olontsambatra. Anisan'izany I Victoire Rasoamanarivo, anisan'izany i Lucien Botovasoa, anisan'izany I Carlo Acutis ilay tanora nahay nampiasa ny talentany sy fahaizany hampitàny ny fitiavany manokana ny Eokaristia sy Masina Maria. Tsy matahotra manolotra ny ainy izy ireo mba hampiombona ny olombelona amin'Andriamanitra, hampiombona ny olombelona samy olombelona, hampiombona ny olombelona amin'ny zava-boahary. Tsy hoe hanao Mesia vaovao isika fa raha mpanara-dia an'I Kristy tokoa isika dia isika no Kristy mpiara-belona amin'olona. Izany no atao hoe EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Matetika isika no mandray komonio. Inona no dikan'izany eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Tsara, hoy izaho, ho tsapantsika fa tena fiekm-pinoana sy fankatoavana ny fanekem-pihavanana notanterahantsika isaky ny mandray komino isika. Izany no dikan'ny Amen rehefa mandray isika.

Ao amin'ny vakiteny faharoa Taratasy ho an'ny Kristianina Hebreo milaza fa noho ny fanoloran-tenan'i Jesoa, noho ny fahafoizany ny ràny dia madio isika ka tonga zanak'Andriamanitra. Tsy hoe fanadiovana amin'ny gôma fa tahaka an'I Jesoa nitsangan-ko velona dia mijoro isika ka tsy mirefarefa intsony. Havaozin'Andriamanitra ny fiainantsika ka zary génération mpanorina isika, izany hoe tsy ho mpanapotika, tsy mpandrava intsony fa mampijoro, manorina satria efa voadio. Ny manadio dia mametraka amin'ny tena toerany, ny tena toerantsika dia ao amin'Andriamanitra. Antsoina isika ho masina araky ny taratasy nosoratan'i Papa Ray masina ho antsika. Antsoina isika ho masina tahaka ireo olomasina fantatsika.

Ny masina dia ny fitoerana ao amin'Andriamanitra ary izany ny fahadiovana. "Sambatra ny madio fo fa hahita an'Andriamanitra izy", ny fahitana an'Andriamanitra dia manambara fa zanany tokoa isika. Ny Evanjely amin'izao fankalazana ny Sakramenta Masina izao dia maniraka antsika hahay handray tsara sy hiomana tsara ny fandraisantsika ny komonio. Izany no hanaovantsika ny sakramentan'ny fampihavanana, tsy misaraka amin'ny komonio izany hoe izay mazoto mandray komonio dia mahatsiaro fa mila fanadiavona avy amin'Andriamanitra. Izay mazoto mandray komonio dia mazoto koa mandray ny sakramentan'ny fampihavanana. Izany no mahatonga ny pretra mandray antsika amin'ny konfesy isaky ny maraina. Indrisy toa lavitra izany rehetra izany ankehitriny satria mihena ny fitiavantsika ny Konfesy. Aoka izao fiomanantsika amin'ny Kongresy Eokaristikana Nasionaly izao hiverentsika amin'ny Konfesy ka hanampy antsika hihavao hatrany hahatonga antsika ho kristianina bebe kokoa hatrany ka hitoerantsika ao amin'I Kristy Ilay tsy miova omaly anio ary mandrakizay. Izy no lalana, fahamarinana ary fiainana.

Manolotra ny tenantsika i Jesoa amin'izao sakramenta izao, izy no manolotra ny ainy amin'ny Eokaristia, milaza izy "Ataovy izao ho fahatsiarovana ahy". Ny "procession" ataontsika, ny fandraisantsika azy na mivantana na amin'ny kominio am-panahy, dia tsarovy fa asan'ny Fanahy Masina ka mahatonga antsika ho Olo Araiky ho fianakavian'Andriamanitra, Fratelli tutti, hoy ny Papa mivelona ny firahalahiana sy fifankatiavana eo anivon'ny mpiara-belona, MIVELONA NY FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY. Tsy fianakaviana mikombona anefa isika fa ny Sakramenta masina maniraka antsika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA, ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Hanana fiainana Eokaristia isika. Izany no ambaran'ny famaranana ny fankalazana ataontsika "hitantana ny diantsika anie i Kristy". Ho tahaka an'i Masina Maria nandray an'i Jesoa koa anie ny fainantsika. I Masina Maria no tabernakla voalohany, izany hoe toerana misy an'I Kristy, Présence réelle, hoy isika ka izany no mampisy ny jiro mirehitra mandrakariva amin'ny tabernakla. Raha mamaly "Amen" isika rehefa mandray ny kominio dia manao tahaka an'i Masina Maria nanao "Eny" tamin'ny fiarahaban'ny Anjely ka zary "tabernakla". Ary naniraka azy ny Anjely nandeha namangy an'i Elizabeta, ka isika amin'izao andro satria maniraka antsika koa Andriamanitra, maniraka antsika tahaka ny nanirahiny an'i Kristy. Zary Kristy Mpriara-belona amin'ny olona isika amin'ny alalan'ny fanompoana sy ny fahafoizana. Tanteraka ny hafatr'I Kristy amintsika : "*Ataovy izao ho fahatsiarovana ahy*". Io no tena dikan'ny jiro mirehitra amin'ny tabernakla manambara ny Fahazavan'I Kristy eo amin'ny mpiara-belona. Manompo midika mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, manalavitra ny rendrarendra sy ny lainga isan-karazany. Ny manompo dia maneho ny fifankatiavana, maneho asa fanasoavana "noana aho ka nomenao hanina, narary aho ka novangianao, tsy nitafy aho ka nomenao lamba". Ny fankalazana ny Eokaristia dia tsy mijanona ao an-deglizy fotsiny fa araky ny teny ataon'ny pretra hoe "hitantana ny diantsika anie i Kristy" ka mamaly isika "isaorana anie Andriamanitra", manatanteraka ny asan'ny famindram-po isika rehefa mivoaka ny Eglizy araky ny fampianarana azontsika tamin'ny fankalazana ny taonan'ny famindram-po.

Izany no hahazoantsika hasambarana ka aoka ho mpanompo tokoa isika amin'ny fainantsika andavanandro.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, nanolo-tena ho anay Ianao ary eo anivonay mandrakariva amin'ny alalan'ny Vatanao sy ny Rànao. Ianao koa ankehitriny maniraka anay ho eo anivon'ny mpiara-belona aminay, izahay koa no Eokaristia ho an'ireo manodidina anay, izany no mahatonga anay ho tena EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ho "generation" mpanorina satria mpampihavana, mivelona ny "fihavanana voadio", "fihavanana évangélisé" tovozina avy amin'ny Sakramenta Masina izay mpampiombona, mampiray. Enga anie izao fiomananay akaiky dia akaiky amin'ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY KEN 2024 izao hanampy hiditra lalindalina kokoa amin'izany Mistery izany. Ampio izahay hanararaotra handalina ny finoanay mikasika ny Eokaristia. Hanomana ny fonay amin'ny fandraisana matetika ny Konfesy anie izahay ka hihavana aminao mba hihavana amin'ny manodidina anay. Masina Reny, ianao no Tabernakla voalohany, ampio izahay mba ho Eokaristia tokoa anie ny fainanay. Md Josefa Ianao no Mpiron'ny Eglizy Eran-tany, matoky anao izahay amin'izao ady mafy amin'ity aretin-mendoza ity. Arov y izahay mba tsy ho resin'ity fahavalox tsy hita maso manakorontana ny fainan'Izao tontolo izao ity. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson